Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV191), Madagasikara 13 febroary 2020

Ezekiela 12: 28 "Izao no lazaiko JEHOVAH MPANJAKA: Tsy hisy hajanona ela intsony ny teniko; fa ny teny izay lazaiko dia hotanterahiko".

Ry mponin'ny tany ambany masoandro, efa nitaraina TAMIKO va hianareo amin'ny zava-manjo anareo? JEHOVAH no ANARAKO, JESOSY KRISTY no Zanako. Tsy voatohitra ny loza raha mbola mianoka amin'izao fahitako anareo izao ihany hianareo. Mbola tsy misy na inona na inona akory dia efa niteny AHO hoe: afo ve? Tany ve? Rano ve? Rivotra ve? ***Hafatra GV 42, GV 44.*** Fa tsy nino hianareo, tsy manaiky koa. Fa na dia io planeta tany io aza anie dia mbola hiaraka hihorohoro sy hihozongozona, ***Salamo 18: 7-10***. Inona no voalaza? Satria tezitra AHO JEHOVAH. Tsy zava-baovao izany, tsy zavatra foronina koa fa nisy hatramin'izay naha-tany ny tany tahaka ny tamin'ny andron-dry Noa, Lota ***Genesisy 19: 24***. Inona no areti-mandringana tamin'ny andron'i Farao? Nisy fanafana va izany? ***Eksodosy 7, 8,9,10,11***. Handre ny sofinareo, hahita ny masonareo fa inona ity? Loza inona ity? Hoy ny sasany: tonga ny faraandro e! izany ve no marina? Tsy misy mahalala izany afa-tsy IZAHAY aty an-danitra ihany. Ity misy loza tsy toha, tsy hita hatao ahoana, tsy hay lazaina, tsy hay fantarina, tsy mbola nisy toy izany na dia tamin'ny andro taloha aza,maditra ny zanak'olombelona, mpamoron-keloka, miaina amin'ny faharatsiana, ***Isaia 1: 4-7***. Tsy zakako izany sady mampalahelo ka dia **ny planeta tany manontolo mihitsy no hihetsika mafy toy ireny balançoire ireny, mihodinkodina toy ny tandrimo, mivadibadika sy mikodiadia tsy misy na inona na inona mihazona.** Tsy mahazaka fahotana sy heloka io tany misy anareo io. Tezitra izy, aiza ve ka dia lotoinareo ny mpamelona azy, afo, tany, rano, rivotra. Ka dia ireo ihany no mamono anareo. Mampitahotra izao zavatra lazaiko izao fa tsy maintsy fantarinareo. Tsy zakan'olombelona izao fanambarana izao. Hiala hifindra amin'ny toerany mantsy io tany io manoloana izany zava-misy izany. hanaraka azy va ny masoandro? Ny kintana sy ny volana? Asa lahy fa eo hianareo mahita azy. Kanefa koa izy ireo dia mifampihazona, mifandray, mifamelona, mifampiresaka mihitsy aza. Fon'iza no tsy hihorohoro? Fanahin'iza no tsy ho raiki-tahotra? sain'iza no tsy hivarahontsana? Iza no tsy hiraviravy tanana? Afa-tsy ireo izay efa tafaorina tsara ao amin'Ilay FANJAKAKO, manana izany ao anatiny ka manao HIRA FIDERANA. Ny hiran'ny mpandresy? ***Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-javamahory aho, Mampandry ahy amin'ny ahi-maitso Izy; mitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy. Mamelombelona ny fanahiko Izy; mitarika ahy amin'ny lalan'ny fahamarinana noho ny anarany Izy.Salamo 23: 1-3***. Ny hiran'ny manana antoka? ***Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko; ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-tahotra ahy. Mamelatra latabatra eo anoloako eo imason'ny fahavaloko Hianao; manosotra diloilo ny lohako Hianao; ny kapoakako feno dia feno. Eny tokoa, fahasoavana sy famindram-po no hanaraka ahy amin'ny andro rehetra hiainako, dia hitoetra ao an-tranon'i Jehovah andro lava aho. Salamo 23: 4-6***. Ireo mpanompoko tany aloha dia efa nahafantatra izany ka dia nanome antoka ny fanahiny. Nahazo hamandoana va ny tany maina sy vakivaky? Mitsahatra va ny ady tsy ara-drariny? Foana va ny rà mandriaka? Tsy mety tapitra va ny mosary? Ry lohataona o! Fa maninona? Ry andro ririnina o! Fa dia nahoana loatra? Ry fahavaratra o! Nahoana no dia mivadibadika? Toa tsy ilay fantatray intsony no tonga aminay! Toa tsy ilay nianaranay intsony no arahinay! Toa tsy ilay noratovinay ka nandaniana mondro kely, vola, harena no antom-piainanay! Toa izay ataonay, tsy mahomby! Toa izay nokasainay tsy mety, tsy mivoaka, tsy tanteraka! Aiza ny tany haleha? Iza no hatonina? Very hevitra ny tany manontolo. Fa iza ho'AHO no atahoranareo e? iza no itokianareo? Rehefa tsy afaka intsony ve vao ho taitra? Mahagina anie ny zavatra ho avy e! mahasiana anie izay ho tonga e! mampikimpy maso izay ho tonga eo anatrehanareo e! tsy mahatehijery. Ny feo, ianao io mihitsy no tsy tehandre izany. Eny e, toy izao ihany no nataoko tao amin'i Noa mpanompoko fa nihomehy ny olona, nanao tsinontsinona, naneso ny sasany. Fantatro fa mbola toy izany hoa hianareo ankehitriny. Ry mponin'ny tany o! Aza manao toy izany intsony, ny zavatra angatahiko dia TOKANA: AOKA HIVAVAKA IZAY MONINA AMBANY MASOANDRO REHETRA. RY FIANGONANA MIARAHA-MANANDRA-PEO, RY FIRENENA AOKA HIRAY SAINA, RY MINO AN'I JESOSY KRISTY ATAMBARO NY HERY, ATSANGANO AO ANATY ILAY FANJAKAN'I JESOSY KRISTY. IZAY MBOLA TSY MANANA IZANY, MBOLA TSY MAHALALA, MBOLA TSY TARA. Vakio ***Joela 1: 10-20; Mika 1: 25***, samy manambara izao loza ankehitriny izao. Tsy mbola tapitra mihitsy ny hafatro raha tsy mbola fantatrareo olombelona ny zavatra ho avy fa izany no asan'ny tena mpaminany, milaza zavatra hiseho sy hitranga eran-tany mba ho fantatr'izao tontolo izao ka tsy mahazo mangina amin'izany raha tsy mahalala izay monina ambany masoandro. Mahereza fa TAMPOKA, TAMPOKA, TAMPOKA ny zavatra rehetra ho avy. Angaha misy mahalala, fotoana inona ny rano tamin'ny andron'i Noa no tonga? Fotoana inona no nilatsaka ny afo tao Sodoma sy Gomora? Fotoana inona no nahafaty ny lahimatoa rehetra tao Egypta? Toy izany no miandry anareo ry mponin'ny tany. *Tsy manao na inona na inona tokoa AHO Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny hevitro amin'ny mpaminany mpanompoko,* ***Amosa 3: 7***. Misaotra ho an'izay efa mino sy mandray, mba aparitaho sy ampitao ihany ny vaovaon'ny Lanitra e! na dia efa mampihorohoro sy mampitahotra aza. Zakanareo ireny raha mino sy mandray hianareo. Aza ovanareo ny fanompona an'i JESOSY KRISTY. Lazao amin'ny olona izay voasoratra fa io tany misy anareo io tsy azo ianteherana, loza mandrakariva no miandry azy fa hovonjena kosa izay mino an'i JESOSY sy manompo AZY. Fiomanana ho amin'izany rehetra izany izao filazana sy fanambarana izao ka asakasakao. ***Isaia 43: 11***. Aza miankina amin'ny vola, amin'ny harena, amin'ny olombelona, amin'ny fananana, aza manantena teny na soratra avy amin'ny olona toa anao. Ao amin'i JESOSY KRISTY irery ihany ny famonjena. *Fa toy izao no nitiavaKO JEHOVAH izao tontolo izao : nomeKO ny ZanaKO Lahy Tokana , mba tsy ho very izay rehetra mino Azy , fa hanana fiainana mandrakizay* ***Jaona 3: 16***. Vahaolana farany: VAVAKA, VAVAKA, VAVAKA, tsy misy fiafarany ao amin'ny FANAHY MASINA. Maika hamonjy ny tany AHO. IZAHO JEHOVAH irery ihany no manana izany FAMONJENA izany.

Amen!

Mbola hitohy.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43, 034 44 966 48***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety efa miara-miasa, Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

TAOLAGNARO

Raikitra ny fandroahana vaditany nanitsakitsaka satroka Ramatoa mbola misaona

Raikitra ny fandroahana huissier, na vaditany, nanompa olona sy nanitsakitsaka ny satrok' ilay Ramatoa mbola misaona tany Faradofay. Tsy maintsy miala tao Taolagnaro ny Ramatoa huissier iray. Io no hevitra voizin' ny mpikambana ao amin'ny fikambanana Tantely. Raha ampahatsiahivina, ny fanonerana ny tany nalain'ny fanjakana sy ny fitakiana vola fanonerana ny tany tao akaikin'ny Port Ehoala, no takian'ireo fokonolona an-jatony ao amin'ny fikambanana Tantely. Niezaka nandrava ny fihetsiketsehana ny Omc faritra. Naniraka an'ilay huissier vavy ny tomponandraikipanjakana, nandroaka ireo fokonolona. Manoloana ny fihetsika nataon'ilay huissier lazaina fa nanalika olona sy nanitsakitsaka satrok' olona mbola misaona, tsy nanaiky ireo fokonolona voakasika ny fihetsika nahatezitra nataony. Nangataka ireo farany ireto fa tsy maintsy sasan'ity huissier nanaovan'ny vava ratsy ity ny fihetsika tsy nety nataony.Omby 19 no tokony haloan'ilay ramatoa, ary tsy maintsy miala an'i Taolagnaro tsy misy hatakandro. Miziriziry amin'ny heviny ireto fokonolona, fa tsy maintsy manadino ny vavany ilay ramatoa ary roahina tsy hapetraka ao Taolagnaro, fa tsy mahay miaina araka ny hevitra voizindry zareo. Efa misy ny fijeren'ny Préfet de région ity savororo ity. Tsy milamina i Taolagnaro.

Mangarahara

Libanona Faradofay

Natao amboletra ny fametrahana fibra ôptika

Ao anatin'ny hampidirana ny Fibra ôptika ao amin ny tora-pasik'i Libanona Faradofay faritra Anôsy ny ekipan'ny orinasa Telma. Raha somary nivatravatra nanakana ny fametrahana azy ny solontenam-panjakana, taty aoriana dia niova hevitra, tsy maintsy hapetraka satria tetik'asam-panjakana, ka tsy maintsy ekena na tiana na tsy tiana indray hoy izy ireo. Dia tampindalan-kaleha ireo mitonona fa miaro an'i Libanona. Marihina fa tamin'ny nanombohan'ny asa dia nampanantena ny hanamboatra fotodrafitr'asa trano-tsekoly ho an'ny mianatra ao amin'ny Epp Ampasamasay ry zareo

Telma miaraka tamin'ny tetik'asa hafa hanambatambazana ny mponina .Talohan'izany saika efa nantsoin'ny Telma nihaona taminy avokoa ireo sokajin'olona: to teny, lonaka ary solontenampanjakana, noresena lahatra ahafahana mametraka ny Fibra ôptika ao amin'ny tora-pasik'i Libanona. Tsy afa-manoatra amin'ny hetsika toy izao. Ekena fa tsara ny manana kôneksiôna ambony sady tsara, saingy tokony hisy ny marimaritra iraisana, fa tsy isaky ny manao zavatra dia bodongerona sy adin'ny be sandry no atao. Mbola manjaka ny ramatahora aty Anôsy.

Mangarahara

Vakinankaratra

Lohany amin'ny resaka tsy fanjarian-tsakafo

Resabe ary mampametra-panontaniana ny maro ny maha lohany an'i Vakinankaratra eo amin'ny resaka tsifanjariantsakafo. Raha ny tatitra ofisialy dia mbola i Vakinankaratra, no sangany amin'izay habetsaky ny zaza latsaky ny 5 taona, tratry ity tsifanjariantsakafo ity izay, satria voalaza fa mbola manodidina ny 65% izany. Ho fiadiana amin'ny tsifanjariantsakafo dia nanatanteraka ilay atao hoe "Voyage de presse", na fanadihadiana ifotony ny Vovonana HINA sy ny CHANUT «Champion de Nutrition de Madagascar», ary ireo mpanao gazety maromaro avy ao Antananarivo sy Toliara. Tanjona amin'izao fanadiadiana izao ny ahafantarana ny fahazoan'ny olona eny ifotony ilay atao hoe tsifajariantsakafo. Olona maromaro no nanaovana fanadihadiana, ka hita sy tsapa fa maro izy ireo no tsy mahalala akory ny atao hoe tsifanjariantsakafo, antony mampirongatra izany eto amin'ny Faritra Vakinankaratra. Faritra maromaro no nanaovana ny fanadihadiana, ka isan'izany ny Faritra Vakinankaratra, tao amin'ny Distrikan'i Betafo sy Antsirabe voalohany no nanatanterahina izany. Taorian'ny fanadihadiana dia hisy ny fanairana ireo tompon'andraikitra ambony, ka dia nanao valan-dresaka niaraka tamin'ireo tompon' andraikitra eto anivon'ny Faritra sy ireo solombavambahoaka, ny fikambanana CHANUTE sy ny Vovonana HINA Vakinankaratra, nampahafantarana azy ireo ny zavamisy mahatonga izay tsifanjariantsakafo izay. Ny Faritra Vakinankaratra dia mitana ny laharana voalohany amin'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka, tranga izay mifanohitra amin' ny zava-misy eto an-toerana satria dia ny 85% ny mponina dia mpamboly sy mpiompy avokoa, ary Faritra mamokatra Vakinankaratra. Nandritra ny fanadihadiana teny ifotony dia tsapa fa na ny atao hoe tsifanjariantsakafo aza dia tsy hain'ny mponina, ary tsy mahalala akory ny atao hoe sakafo ara-pahasalamana izy ireo. Nanaitra ireo tompon'adraikitra Ambony eto an-toerana sy ireo solombavambahoaka araka izany ireto vovonana sy fikambanana ireto handray fepetra iadiana amin'ity tsifanjariantsakafo mitarazoka ity. Nanotrona izao valan-dresaka izao ny Prefet'Antsirabe Andriatomponera Vohangiharimino, ireo solombavambahoaka voafidy tao amin' ny Distrikan'Antsirabe voalohany sy faharoa ary Betafo, teo ihany koa ny mpandrindram-paritry ny ORN eto Vakinankaratra, nisolo tena ny Faritra Vakinankaratra ny Lehiben' ny Sampandraharaha ara-toekarena, Nicolas Fanantenana.

Lezama